FIANTSOANA AMIN'NY BAKALÔREA 2021

# Nanazava momba ireo tsara ho fantatra ny tompon' andraikitra

Mahakasika ny taratasy fiantsoana, na convocation, amin'ny bakalôrea 202 1, nanazava mahakasika an'izay ny tompon'andraikitra. Nitondra fanazavana momba ny taratasy fiantsoana ho amin'ny fanadinana bakalôrea 2021 ny talen'ny fanadinam-panjakana eto Antananarivo (Directeur des Examens Nationaux d'Antananarivo-DEN), RAZAFINDRALEVA Herisolo, omaly, teny amin'ny foiben'ny ministeran'ny Fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. Nambarany fa misoratra amin'ny anaran'ny mpiadina tsirairay ny taratasy fiantsoana. Efa nalefa avokoa izany ho an'ireo izay nangataka ny fandefasana azy amin' ny alalan'ny paositra. Ho an'ireo izay nisafidy ny haka izany eny anivon'ny DEN kosa dia entanina mba haka izany haingana izy ireo, toy izany koa ho an'ireo mpiadina tsy miankina amin'ny sekoly. Entanina ny sekoly mba hizara avy hatrany ireo taratasy fiantsoana ireo raha vantany vao maharay izany, fa tsy hanao ampihimamba na hitazona izany amin'ny antony hafa. Tokony hahazo ny taratasy fiantsoana avokoa ireo rehetra izay nisoratra anarana. Hoan' ny mpianatra : hamarino ny mombamomba anao rehetra rehefa maharay ny taratasy fiantsoana: ny anarana sy ny daty nahaterahana mifanaraka amin'ny kopia, ary indrindra ny toerana hanaovana ny fanadinana. Ilaina mandritra ny fanadinana ny taratasy fiantsoana ary ampiarahana amin'ny taratasy fiantsoana tamin'ny adina arapanatanjahantena. Ho an' ireo izay mbola tsy naharay ny taratasy fiantsoana, na manana olana mahakasika izany, dia iangaviana hanatona ny DEN (Directeur des Examens Nationaux d'Antananarivo), na ny amin'ny faritra misy azy avy. Misokatra hatramin'ny 8 aogositra 2021 amin'ny 6ora hariva ny birao hoy ny tomponandraikitra.


*Ny tranon'ny ministeran'ny fampianarana ambony eny Fiadanana.*

***Aly***

Ben'ny tanàna nidoboka am-ponja

# Voalaza ho nangalatra kamiao ana orinasa iray

Noho ny disadisam-pitantanana, nidoboka am-ponja ny ben'ny tanàna iray.

Ben'ny tanàna any amin' ny distrikan'Isandra, faritra Matsiatra Ambony ity notazonina am-ponja vonjimaika ity, nanomboka ny faran'ny herinandro teo, voalaza fa naka antsokosoko, nangalatra ny fiaran'ny orinasa Lazan'ny Betsileo izy. Amin'ny 12 aogositra ho avy izao no hatao ny fitsaràna.

Araka ny angom-baovao, nanana andraikitra tao amin'ny orinasa ity ben'ny tanàna ity. Ny 20 febroary teo, nalainy tao amin'ny fipetrahany io fiara «camion» io. Nolazainy ireo mpiambina fa entina amboarina ilay fiara. Taty aoriana anefa, fantatra fa nampiasainy tany amina «chantier» ana depiote iray, ilay camion, fa tsy namboarina akory. Nanamarina izany ny fitsirihana nataon'ny vaditany.


*Ilay kamiao voalaza fa nangalarin'ilay ben'ny tanàna.*

Nitory, noho izany, ny orinasa. Nanao fanadihadiana ny zandary ary izao tonga tamin'ny fanolorana ny fampanoavana an'ity ben'ny tanàna ity izao. Araka ny vaovao voaray, toa misy olam-pifandraisana ny talen'ny orinasa sy ity tompon'andraikitra ahiahiana ity.

Ny fitsaràna amin'ny volana aogositra ho avy no hahitàna izay mety hiafaran'ny raharaha, na ny mety hitohizany.

***Stefa***

Ambohimanjaka Ambohidratrimo

# Afaka nandray fanadinana BEPC noho ny ezaky ny depiote Mamy Rabenirina

Noho ny ezaky ny depioten'i Madagasikara voafidy tao Ambohidratrimo faritra Analamanga, Mamy Rabenirina, avy amin' ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sy ny fokonolona, afaka nandray ny fanadinam-panjakana BEPC tamin'ity taona ity ny sekoly ao amin'ny Kaominina Ambohimanjaka, amin'ny faritr'i Marovatana iny. Voalohany amin'ny tantara tokoa no maha-foibem-panadinana Bepc ny Ceg Ambohimanjaka tamin'ity taona ity. Hatramin'izay dia na any Mahitsy na any Ambohidratrimo no niatrehan'ny mpianatra avy any ny fanadinana isan-taona.


*Ny depioten'Ambohidratrimo, Mamy Rabenirina.*

Fepetra napetraky ny ministera hahatanteraka izany anefa ny fanatsarana ny foto-drafitr'asa misy. Noho ny tsy fisian'ny famatsiam-bola dia fiaraha-miasan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra sy ny depiote Mamy Rabenirina, no nanatanterahana ny fanavaozana ny sekoly anatiny sy ivelany. Ny ray aman-dreny no niantoka ny fanatanterahana ny asa ary ny solombavambahoaka no nandray an-tànana ny fitaovana sy akora rehetra nilaina. Tamin'ny 23 jona teo no nivory ho fanomanana izany izy ireo ary ankehitriny dia vonona tanteraka ny toerana handraisana ireo mpiadina BEPC nanomboka hatramin'ny alatsinainy teo.

***Niaina***

HFKF

# Nanatanteraka angaredona Kristiana ahafahana miady amin'ny kolikoly

Natao tetsy amin'ny Pk 00 "Cheminot" Antanimena ny zoma tolakandro lasa teo, ny fanaovan-tsonia fiarahamiasa teo amin'ny HFKF: Hetsika Fampiraisana ny Kristianina ho an'ny Firenena, sy ny Bianco: Birao Mahaleotena Miady amin'ny kolikoly, mba hahafahan'ny fiangonana sy ireo fikambanana Kristianina ary ny fiarahamonim-pirenena miady amin'ny kolikoly, sy hampijoro ny fahamarinana ary handresena ny fahantrana eto Madagasikara. Nilaza Andriamatoa Andrianasolo Harimina Tina, mpandrindra nasionaly ny Hfkf, fa mba hahafahana manatanteraka ny hetsika "Angaredona Kristianina" dia omena tari-dàlana amin'ny ady amin'ny kolikoly ireo mpitarika fiangonana sy ny fikambanana, mba hahafahan'ireto farany mamoaka ny paikady Kristianina, ho fisorohana ny kolikoly, sy ho fampiharana ny fahamarinana ary haparitaka manerana ny nosy ity "Angaredona Kristianina" ity, hahafahan'ny olona mo-nina any amin'ny toerana lavitra Andriana hifandray amin'ny Bianco amin'ny alalan' ny Hfkf, sy ireo fiangonana sy ny fikambanana. Nilaza izy, fa tsy maintsy miainga amin'ny fandalinana ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Baiboly sy ny fanarahana ny lalàna velona eto Madagasikara ny votoatin'ny paikady Kristianina ary fitaovana iray ahafahana manetsika ny Kristianina amin'ny ady amin'ny kolikoly ity fomba fiasa ity. Marihina fa fanatanterahana ny "Harambaton-kevitra", izay narafitra nanomboka tamin'ny volana Oktobra 2020, ka hatramin'ny Desambra 2020 lasa teo ity hetsika "Angaredona Kristianina" ity, hahafahana mampitodika ny ady amin'ny kolikoly amin'ny Fiangonana.

***Franck Razakambelo***



*Ny fifanaovan-tsonia teo amin'ny Bianco sy ny HFKF tetsy Soarano.*

Hazakazaka am-bisikileta Tour de France 2021

# Nahery hatramin'ny farany i Tadjed Pogacar

Tsy nisy ny fahagagana, fa notanan'ilay teratany Slôvène, Tadjed Pogacar, hatramin'ny farany ny fandresena teo amin'ny fifaninanana hazakazaka am-bisikileta "Tour de France 2021", izay nifarana tamin'ny alahady 18 jolay 2021 lasa teo. Ilay teratany Hollandey Wout Van Aert no nibata ny fandresena, dingana farany tamin'ity fifaninanana ity dia ny "sprint" dingana faha-21, nampitohy an'i Chatou tamin'i Champs-Elysées tao Paris. Filaharana ankapobeny ny Tour de France 2021 : 1. Tadej Pogacar (Slovénie/UAE Team Emirates) : 82h56'36'' 2. Jonas Vingegaard (Danemark/Jumbo-Visma) : 5'20'' 3. Richard Carapaz (Équateur/Ineos-Grenadiers) : 7'03'' 4. Ben O'Connor (Australie/AG2R Citroën) : 10'02'' 5. Wilco Kelderman (Pays-Bas/Bora-Hansgrohe) : 10'13'' 6. Enric Mas (Espagne/Movistar) : 11'43'' 7. Alexey Lutsenko (Kazakhstan/Astana - Premier Tech) : 12'23'' 8. Guillaume Martin (Cofidis) : 15'33'' 9. Pello Bilbao (Espagne/Bahrain-Victorious) : 16'04'' 10. Rigoberto Uran (Colombie/EF Education - Nippo) : 18'34''.

***Rainilita***



*Ilay mpihazakazaka am-bisikileta sangany, Tadej Pogacar.*